
# ALAHADY - FAHA 6 MANDAVANTAONA A 2026




**TANO AO AM-PO NY DIDIN-JANAHARY, FA FOTOTRY NY SOA -**
**TSY MISY "DÉLÉSTAGE" AO AMIN'I JESOA**

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-06 mandavataona izao dia mbola manohy ny fandalinam-pinoana isika satria izany rahateo ny maha-mandavantaona azy ka noho izany manampy antsika amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-4. Ny toriteny teny an-tendrombohitra izay hahatonga antsika hivelona ny fahasambarana, hahatonga antsika ho fanasina sy fahazavana no mbola tohizantsika hodinihina ka maniraka antsika hijery bebe kokoa ny fiainantsika andavanandro. Mikasika ny fahendrena no voasongadina amin'izao Alahady faha-6 izao. Betsaka ny mitady izany fahendrena izany satria io no hahafantarana fa olona feno isika. Ny olon-kendry no afaka mitondra ny asan'Andriamanitra, ny olon-kendry no maneho amin'ny fiainana ny maha-olom-banona azy. Raha ny amin'ny sekoly, na ny fanabeazana no asian-teny eto amin'ny tanindrazantsika dia naka teny faneva isika efa fotoana maro ihany izay. "Tsy ny harena no tsy misy eto Madagasikara, manan-karena isika fa indrisy ao anatin'ny fahantrana tanteraka, tsy hoe tsy misy manam-pahaizana eto amintsika, ny manam-pahaizana misy tokoa fa na izany aza tsy mety mandroso isika, tsy hoe lany olomanga isika, maro izy ireo kanefa tsy mahatarika antsika amin'ny tena soatoavina hahafahantsika miroso amin'ny lalindalina kokoa ka hahitantsika fivelarana eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Vakitenyl : **Ekl. 15: 15 – 20**
Tononkira : Sal. 111,
VakitenyII : **1 Kor. 2: 6 – 10**
Evanjely : **Mt. 5: 17 – 37**

Misongadina izany rehetra izany ary tena hita fa sasatra olon-kendry eto amin'ny tanindrazantsika. Ny antony? satria tsy misy ny fahamarinana, mitaky an’izany fahamarinana izany izao andro iainantsika izao. Io no mahatonga ny fanabeazana katolika nanapa-kevitra fa beazina sy kolokoloina ao anatin’ny fahamarinana ny taranaka malagasy mba hampisy izany olomarina izany satria izay manao ny marina no hendry ary ny marina no maha olona afaka antsika.

Izao vanim-potoan’ny Sinaody izao indrindra no hiarahantsika mandinika ny fomba hihavaozantsika, hanaovantsika fiovam-penitra mahery vaika, “changement radical de comportement” any amin’ny fiaraha-monina, hampanjakantsika ny rariny sy hitsiny, ny fahamarinana, ny fihavanana sady kristianina no malagasy hahitantsika ny fivelarana ny mahaolona sy ny olona manontolo.

Amin’izao Alahady faha-06 mandavantaona izao, ampianarin’ny tenin’Andriamanitra isika mba hivelona ny maha-kristianina ka ho tena mpanara-dia an’i Kristy tokoa isika, ka zary EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DIA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Manampy antsika hivelona an'izany ny fampianarana ao amin’ny vakiteny voalohany (Ekl. 15: 15-20): isika raha te ho hendry sy hivelona ny fahamarinana dia tandrovy ny didin’Andriamanitra dia ilay teny folo manambara fa raha mivelona azy ireo ianao, ireo tenin’ny fianana ireo dia hanana fiainana feno ao amin’Andriamanitra, ka ho lavitra anao ny fahafatesana. *"Eo anoloan’ny olombelona ny fiainana sy ny fahafatesana, ka izay fidîny dia homena azy"*, raha manaraka ny ratsy isika dia hankany amin’ny fahafatesana, raha manaraka ny didin’Andriamanitra isika dia ho velona mandrakizay ka aoka àry hahay hisafidy isika. Izao Sinaody izao tokoa no hanampy antsika hametraka SAFIDY MATOTRA ka hahatonga antsika HANDRAY AN-TANANA tokoa.

Ambaran’i Jesoa izany tamin’ny toriteniny teo an-tendrombohitra : mba hipetraka tsara ny safidintsika, io no manambara fa hendry ianao, hanaraka ny haizin’izao tontolo izao ve ianao sa hanaraka ny fahazavan’i Kristy ka ho velona mandrakizay, io no safidy sarobidy tsy maintsy ataontsika amin’izao fiainantsika izao.

Md Paoly amin’ny vakiteny faharoa (1 Kor.2: 6-10) dia mampianatra antsika handinika lalindalina kokoa an’izany rehetra izany, handray an’i Kristy izay tena fahendrena. Ary fahendrena lalina tsy hita polopolorina no nanamboaran’Andriamanitra antsika sy namonjeny antsika ao amin’i Kristy ka anjarantsika ny hahay hisafidy satria ilay fahendrena noharian’Andriamanitra antsika dia i Kristy.

Aoka ho raisintsika i Kristy hanilo antsika satria raha ny herintsika olombelona dia tsy hahatakatra izany isika. Araka ny voalazan’i Md Paoly “*Ary tsy nisy nahatakatra izany ny mpanjakan’izao tontolo izao (satria raha nahalala izy, dia tsy ho namàntsika ny Tompon’ny voninahitra tamin’ny Hazofijaliana); fa izany dia anisan’ireo zavatra voasoratra hoe: Zavatra mbola tsy hitan’ny maso na mbola ren’ny sofina, na mbola tafiditra tao am-pon’ny olona velively no namboarin’Andriamanitra ho an’izay tia Azy”.*

Izany no fahendrena, koa aoka isika hahay handray ny fanambaran’Andriamanitra.

Matetika isika varimbariana amin’ny zavatra maro ka hadinontsika ny "essentiel”, ny tena izy amin’ny fiainantsika. "Encombré" loatra ny fontsika ka tsy hahita izay tena fahendren’Andriamanitra isika. Aoka àry ry Kristianina havana izao vanim-potoana misy antsika izao sady efa mampiroso antsika tsikelikely amin’ny karemy, ho fotoana fandalinam-pinoana. I Jesoa mpiara-dàlana sy mpiara-belona amintsika no hanilo ny fiainantsika, hanilo ny fontsika, hanilo ny fiainan’ny fianakaviana, ny fiaraha-monina ka dia hahazo ny tena fahazavana isika satria TSY MISY DÉLÉSTAGE AO AMIN’I JESOA**.** Varimbariana matetika isika ao anatin’ny haizina, amin’ny zavatra tsy misy dikany ka hararaoty àry izao fotoana izao ry Kristianina havana ; aoka hisafidy an’i Jesoa isika ilay mpiara-belona amintsika, hoy Md Paoly.
Ambaran’I Jesoa amintsika *“Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny Lalàna sy ny Mpaminany; tsy tonga handrava Aho, fa hanatanteraka”* . Izany hoe tsy i Jesoa no handrava ny fiainantsika fa hanatsara handavorary ny fiainantsika. Izany no fiainantsika fa anjarantsika no mandray azy, raha izy no avelantsika manamboatra ny fiainantsika dia ho lavorary izany fiainana izany. Ny mahadiso antsika dia ny mandeha amin’ny "mécanicien" tsy tena izy hany ka simba ny aotomobilintsika satria mandeha amin’ny"adaptation" isan-karazany.
Io "adaptation" ataon’olona amin’ny fivavahana maro samihafa io no matetika koa manimba ny fiainantsika. Mety mandeha izy fa tsy maharitra, ka aoka àry isika mba handeha amin’ny tena "original", io piraty marobe io no manapotika, io no antikristy, hoy Md Joany ao amin’ny Apokalipsa. Aoka isika handray an’i Jesoa fa izy no handavorary ny fiainantsika.
Tsy handrava na hanaratsy izy fa handavorary ka aoka isika tsy ho voafitapitaka. Hoy i Jesoa misy milaza hoe izao no atao, izaho milaza aminareo fa izaho no tena izy.
Ry Kristianina havana, henontsika tsara ny fampianaran’i Jesoa, *“Efa renareo fa voalaza tamin’ny Ntaolo hoe: Aza mamono olona, ary izay hamono olona dia hohelohina amin’ny fitsarana. Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra mitezitra ny rahalahiny dia hohelohina amin’ny Fitsarana.”*Izany hoe aza mitsara olona, aza manaratsy olona fa manatsarà hatrany.
*“Koa raha manatitra ny fanatitrao eo amin’ny ôtely ianao, ka eo vao mahatsiaro fa manana alahelo aminao ny namanao, dia avelao eo amin’ny ôtely aloha ny fanatitrao, ka mandehana mihavana amin’ny namanao vao miverina hanolotra ny fanatitrao indray”*
Aoka hazava tsara ny fiainanao, izany hoe mihavàna amin’ny olon-drehetra.
*"Efa renareo fa voalaza hoe aza mijangajanga"*,
Aoka hadio mazava tsara ny fiainana, izay no tian’I Jesoa hambara raha milaza hoe “aza mijangajanga” tsy misy confusion tsy misy fifangaroan-javatra.
Tsy hahita fahalavorariana isika raha mbola mandia tany fa ny tadiavin’Andriamantra amintsika dia Izy Andriamanitra ho eo anivon’ny fiainantsika ka amin’izay mandavorary ny fiainantsika isika ary mihalavorary isika. I Jesoa manamasina, izy ilay masina, ny fahamasinan'ny fiainantsika no tadiavin’Andriamanitra, tsy misy tsy hain’Andriamanitra atao ka raha masina ny fiainantsika izany hoe “Andriamanitra eo anivon’ny fiainantsika” dia mihalavorary isika, izany no hitantsika amin’ireo olomasina ankalazaintsika.

Ny Olontsambatra Lucien Botovasoa dia nahatsapa fa tsy mendrika, tsy lavorary teo amin'ny fiainany fa niezaka tamin'ny fanamasinana ny fiainany izy, io rahateo ny fampianarana teny an-tendrombohitra nataon'i Jesoa hanampy antsika hanamasina ny fiainantsika. Izany no nolazain'i Jesoa eto hoe *"Efa renareo…"* izany hoe tsy maintsy misy "dépassement" ataontsika hanambarana fa olom-baovao ao amin'i Kristy isika, tsy hoe olom-baovao fotsiny fa feno fahendrena izay tena maha-olona.
Raha fintinina ny voalazan'i Jesoa dia manao ny marina isika ka izay manao ny marina no hendry, ary ny marina no maha olona afaka antsika izany hoe miala amin'ny ratsy isika amin'izay.
Raha atao amin'ny teny hafa izany rehetra izany ka raisina ny fampianaran'i Md Carlo Acutis : "la sainteté n'est jamais un processus d'addition mais de soustraction.... izany hoe aoka i Jesoa hitombo ao amintsika ary Isika mihena... Tsy maintsy miala ao amintsika ny lainga, ny fitapitaka, ny risoriso, ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny fialonana....
Ry kristianina havana, mety hiteny isika hoe sarotra izany rehetra izany, raha ny herintsika dia tsy ho tanteraka izany fa ny Fanahin'Andriamanitra sy ny Fahasoavan'Andriamanitra no hahafahantsika hiroso amin'izay soa sy tsara sy ny tena izy, ka ialantsika amin'ireny zavatra mandrakotra ny fiainantsika ireny indrindra mba tsy ho voafitaka amin'ireny fampianarana diso ireny isika. Manasa antsika hanararaotra izao Sinaody izao handalina bebe kokoa ny finoantsika, fa indrindra ity fijanonana fahaefatra ity izay handravonantsika ny tolo-kevitra rehetra. Efa any amintsika izao ny lineamenta ny torolalana. Amin'ny maha torolalana azy dia tsy hoe devoir de maison ka mamaly mivantana ireo fanontaniana fa mikaroka izay hevitra hanatsarantsika ny fiainan'ny Eglizintsika isika mba ho tena olon-dehibe amin'ny finoana tokoa isika.
Ry Jesoa Kristy Tomponay ô, ampianaro izahay hikendry ny soa sy ny tsara, mba ho hendry eo amin'ny fiainanay, ho hendry izahay raha Ianao no mampianatra anay ny marina. Izay manao ny marina no hendry koa amin'izay dia hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro izahay, ho zary fanasina sy fahazavana amin'ireo manodidina anay ka hanjaka eto aminay ny fiadananao. Masina Maria renin'ny Fahendrena, ampianaro izahay hifikitra amin'i Jesoa ilay hany fahendrena. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy mivavahà ho an'ny fianakaviana rehetra mba ho tena "Eglizy kely tokoa" fanilo sy fahazavana ny mpiara-monina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson